VOLY RAKOTRA

## Faritra maika eto Madagasikara

# Fifandimbiasam-boly mifototra amin’ny mucuna an-tanety



- Hiarovana ny tany amin’ny riaka sy ny tsioka atsimo
- Hanatsarana ny fahalonahan’ny tany
- Hampihenana ny fotoana lany amin’ny fiavana

# Ny antony hambolena ny mucuna

## Fomba mahazatra




## Olana




## Vahaolana




## Tombotsoa mety ho azo

Ambonin'ny tany

- Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka sy ny rivotra ny nofon-tany
- Mampihena ny ahidratsy
- Mitahiry ny rano (ranon'ando) sy mampihena ny fahamainan'ny tany
- Manatsara ny tsiron'ny tany
- Mandevona izay fakofakon-javamaniry eo an-tanimboly



Ambanin'ny tany

- Mampitombo ny tahan'ny roka, sy mitondra azota
- Mampitsingerina ireo kasinga ao anaty tany
- Mampitombo ny asan'ireo zavamanan'aina ao anaty tany

# Fambolena ny mucuna

**Tanjona :** Mamokatra rakotra matevina sy haingana, ahazoana manatsara ny voly aorinany



- Voly maharitra taona iray ihany, 4 – 5 volana dia maharakotra ny tany
- Mety amin'ny tany mainty, tany fasika (sable blanc littoral) ary tany mena fasihana (sable roux)
- Haingana fitombo amin'ny tany tsara
- Tsy mahantanty rano miandrona
- Tsy betsaka bibikely mpanimba




Maniry amin'ny faritra hafa ihany koa ankoatra ny faritra maika ny mucuna


## Fotoana fambolena

**Amoron-driaka :** volena febroary - martsa

**An-tanety :** volena novambra - desambra

**Azo volena samy irery na ampiarahana amin'ny voly hafa toy ny tsako na ampemba na bajiry**


### Mucuna samy irery




600 – 800 g / 1 ara : masomboly 1 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

Betsaka ny masomboly ilaina ka mahabe masonkarena, noho izany tokony hamokatra masomboly ho azy ny tantsaha

### Mucuna miaraka amin'ny tsako na ampemba na bajiry




Mucuna 300 – 400 g / 1 ara : masomboly 1 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

Tsako 250 – 300 g / 1 ara : masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

Ampemba (30 – 50 g /1 ara) na bajiry (60 – 80 g / 1 ara) : masomboly iray tsongo isan-davaka ka fotony roa no havela, 1 - 2 sm ny halaliny

## DIARIM-PAMBOLENA

<table>
<tr><th colspan="11">Taona voalohany</th><th colspan="3">Taona faha 2</th></tr>
<tr><th>Nov.</th><th>Des.</th><th>Jan.</th><th>Feb.</th><th>Mar.</th><th>Apr.</th><th>May</th><th>Jona</th><th>Jol.</th><th>Aog.</th><th>Sep.</th><th>Okt.</th><th>Nov.</th><th>Des.</th></tr>
<tr><td colspan="14">Amoron-driaka</td></tr>
<tr><td colspan="3"></td><td colspan="2">Mamboly mucuna</td><td colspan="6"></td><td colspan="3">Voly anaty rakotra mucuna</td></tr>
<tr><td colspan="14">An-tanety</td></tr>
<tr><td colspan="2">Mamboly mucuna</td><td colspan="9"></td><td colspan="3">Voly anaty rakotra mucuna</td></tr>
<tr><td colspan="2">Mamboly graminea</td><td colspan="2">Mamboly mucuna</td><td colspan="7"></td><td colspan="3">Voly anaty rakotra mucuna sy graminea</td></tr>
</table>

*Graminea = tsako na ampemba na bajiry*

## Famonoana ny mucuna sy fanomanana ny rakotra ho an'ny voly manaraka

**Tanjona :** Fahazoana rako-maty eo an-tanimboly

### Ny atao

Tsy mila vonoina fa maty ho azy ny mucuna

Tombohana amin'ny angady ny fototry ny graminea 10 – 20 andro alohan'ny fambolena amin'ny taona manaraka

Volena ao anaty rakotra mucuna avy eo ny voly manaraka : katsaka, apemba, bajiry…, miaraka amin'ny voly fanao rakotra (lojy, antaka, konoke…)



### Fetra sy fitandremana

Asiana aro afo amin'ny main-tany

Ny fandavoana alohan'ny faha 20 andro ny fambolena, dia mety ho lasan'ny tsioka atsimo na lanin'ny aboaly ny graminea

Raha tsy ampy ny rakotra mucuna (may, halatra,…) dia mirongatra ny ahidratsy izay tsy maintsy fehezina : kapaina na mampiasa fanafody famonoana ahitra

